VAVAK'i MOMPERA CHEVRIER:

O, RY TENY ! O, RY KRISTY !

O ry Teny! O ry Kristy!
Tsara tokoa Ianao! Lehibe tokoa ianao!
Iza no hahay hahalala Anao?
Iza no ho afaka hahafantatra Anao?
Kristy ô, ataovy mahalala Anao aho ary ataovy tia anao!
Satria Ianao no fahazavana,
avelao ho tonga ny taratry io fahazavan'Andriamanitra io
amin'ity fanahiko mahantra ity,
mba ahazoako mahita sy mahafantatra Anao.
Omeo finoana lehibe anao aho,
Amin'izay ny teninao rehetra
ho fahazavana hanilo ahy
ary manintona ahy Aminao sy hanaraka anao
amin'ny lalana rehetra ny fahitsiana sy ny fahamarinana

O ry Kristy ! O ry Teny !
Ianao no Tompoko sy Ianao no hany Mpampianatro tokana
Mitenena, te-hihaino Anao aho
ary hanatanteraka ny teninao
Te-hihaino ny teninao Andriamanitra aho
satria fantatro fa avy any an-danitra izany
Te-hihaino azy aho, handinika azy, ary hanatanteraka azy
Satria ao anatin'ny teninao
misy ny fiainana, ny fifaliana, ny fiadanana, ary ny fahasambarana
Mitenena Tompo ô!
Ianao no Tompoko sy Mpampianatro
Ary tsy te-hihaino afa-tsy Ianao aho